Fanendrena an'i Ntsay ho Filoha 2

**Indroa mahita ny maizina ny vahoaka**

Rajoelina mbola kandidà 3

**Lo, lo,... tsy misy ilàna azy intsony izao fitondrana izao**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 12 septambra 2023 Laharana 1472 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Diaspora Malagasy La Réunion 6

**Miantso ny kandida mpanohitra hiray hina hisian'ny fifidianana madio sy marina**

Fifidianana filohampirenena 2

# Ao tsara : "cinq-cinq". Numéro 5

## laharana faha-5 amin'ny biletà tokana ny filoha Ravalomanana







KMMR Miarinarivo sy Soavinandriana 2

## Manamafy ny firaisankina hitondra amin'ny fandresena



Fifidianana filohampirenena 4

## Tsy hanohana n'iza na iza i Annick Ratsiraka sy ny Arema




**Rado Ramparaoelina** 6

Baikon'ny vola ny feon'ny fieritreretan'ny ao amin'ny HCC

**Masoivoho Amerikana** 7

Hajao ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fahalalahana mivory

**Daka kely**

Fa nataonareo inona ilay Filoha Botakely iny no niamboho adidy ry Boaikely a !

MAHITSY. FILOHA RAVALOMANANA

# Miverina amin'ny vahoaka ny fahefana nanomboka ny sabotsy teo

Nihaona tamin'ny vahoakan'i Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo ny filoha Marc Ravalomanana ny sabotsy 9 septambra lasa teo, fotoana nametrahan'ny filoha Andry Rajoelina fialana. Toy ny fanaony amin'ny fitsidihana ny toerana izay alehany, niantsena tao an-tsenan'i Mahitsy aloha izy ny mpiara-dia aminy, satria tsenan'i Mahitsy ny sabotsy teo. Tao aorian'izany dia nihaona tamin'ny vahoakan'i Mahitsy tao amina Espace iray tany an-toerana ny tenany. Nambarany nandritra izany fa :''miverina aminy vahoaka ny fahefana manomboka anio. Mila Mahitsy isika, ka izany no nandehanako eto Mahitsy androany sabotsy.'' Nanazava ny MAP Plus koa izy nandritra io fotoana io. Ireo laharam-



*Ny filoha Marc Ravalomanana teny Mahitsy ny sabotsy teo.*

pahamehana hoy ny Filoha Marc Ravalomanana araka ny laharana avy. Voalohany : sakafo ho an'ny vahoaka Malagasy rehetra. Faha-2 : asa ho an'ny tanora Malagasy. Faha3 : fanarenana ny Jirama. Faha-4 : fandriampahalemana eto Madagasikara. Faha-5 : fanalefahana ny fidangan'ny vidimpiainana eto amintsika. Faha-6 : ady amin'ny tsy fahasalamana. Faha-7 : fianarana ho an'ny zaza Malagasy. Faha-8 : famerenana ny firaisankinam-pirenena sy fanatsarana ny politika : Famoahana ireo gadra politika rehetra eto Madagasikara.

***Isambilo***

Fifidianana filohampirenena

# Ao tsara : ''cinq-cinq''. Numéro 5 : laharana faha-5 amin'ny biletà tokana ny filoha Ravalomanana

Nivoaka omaly, teny amin'ny foiben-toeran'ny CENI : Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana, ny antsapaka amin'ny filaharan'ireo kandidà ho filohampirenena miisa 13, amin'ny fifidianana hatao eto amintsika ny 9 novambra ho avy izao. Numéro 5, na laharana faha-5 ny filoha Marc Ravalomanana, kandidà hatolotry ny antoko TIM : Tiako i Madagasikara amin'io fifidianana ho avy io. Tena « cinq-cinq : 5/5 » na tena ao tsara, io laharan'ny filoha Ravalomanana amin'ny biletà tokana io, hoy ny maro. Be no miroaroa saina mahakasika ity fifidianana ity, manome toky ny antoko TIM araka ny adalan-tSoratra Masina ao amin'i Marka fa : Marka 5 : 36 b :'' Aza matahotra minoa fotsiny ihany.'' Na inona fandemen-tsaina, na inona filazana ataon'ireo mbola tsy mankasitraka ny anatanterahana izao fifidianana izao, efa vonona hatramin'ny ela ny antoko TIM sy ny filoha Marc Ravalomanana. Mitohy ny asa efa natomboka ho amin'izany ho an'ny ao amin'ity antoko ity, sy ny ao amin'ny KMMR : Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana : vovonana ivondronan'ny rehetra tsy anavahana amin'ny fampandresena ny kandidà N°05. Toy izao kosa ny fi-



*Ny filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny CENI Ivandry omaly.*

laharan'ireo kandidà rehetra amin'ny biletà tokana :

**1.**Razafinjoelina Tahina. FTT : Firaisankinan'ny Tia Tanindrazana.
**2.**Andrianainarivelo Hajo. MMM : Malagasy Miara Miaingfa.
**3.**Rajoelina Andry Nirina. TGV : Tanora malaGasy Vonona.
**4.**Ratsiraka Roland. MTS : Malagasy Tonga Saina.
**5.**Ravalomanana Marc. TIM : Tiako i Madagasikara.
**6.**Paraina Auguste. TT : Tsara Tahafina.
**7.**Raobelina Andry. Anjomara sy Rivo-Baovao.
**8.**Razafitsiandraofa Brunelle. APM : Antoko Politika Madio.
**9.**Ratsirahonana Lalaina. Antoko Fihavanantsika ''An'i Kristy''.
**10.**Rajaonarimampianina Hery. HVM : Hery Vaovaon'i Madagasikara.
**11.**Raderanirina Sendrison. Fy- M.
**12.**Ratsietison Jean Jacques. FMI- Ma : Fahefa-Mividy no Ilain'ny Malagasy.
**13.**Randrianasoloniaiko Siteny. Fitambolagnela-PSD- RPSD Vaovao-ABA- Parrainage de 150 élus.

***Isambilo***

KMMR Miarinarivo sy Soavinandriana

# Manamafy ny firaisankina hitondra amin'ny fandresena

Tafajoro any amin'ny distrikan'i Miarinarivo sy Soavinandriana any amin'ny faritr'Itasy amin'izao fotoana ny KMMR : Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana, tonga tany an-toerana nanetsika izany Andriamatoa Kevin Ratrimoarison ny alahady teo. Nasongadiny nandritra ny fihaonana tamin'ireo mpitarika tany amin'ny faritr'i Mamolakazo sy Mandridrano iny, fa ny fanamafisana ny firaisankina no hitondra amin'ny fandresena dia ny fampandresena ny kandidà amin'ny fifidianana ho avy dia ny filoha Marc Ravalomanana. Nohamafisiny fa misokatra amin'ny olon-drehetra tsy anavahana ny KMMR : na fiarahamonim-pirenena io, na fikambanana, na mpanao politika, misokatra amin'ny finoana samihafa, ny olondrehetra tsy ankanavaka koa,… Nahatonga solontena tamin'ny fihaonana avokoa ny mpitarika avy amin'ny kaominina miisa 16 any Soavinandriana, sy ny avy amin'ny kaominina miisa 14 any Miarinarivo. Mijoro any Soavinandriana ny KMMR, tarihan'ny filohany Razafy Andriampenovola Mana, na Manankiry Razafy . Nilaza ity filohan'ny KMMR any Mandridrano ity, fa tsy hanaiky hala-bato intsony izy ireo ary tena vonona hiaro ny tena safidim-bahoaka amin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika ho avy io. Tao amin'ny renivohitry ny faritra Mamolakazo kosa indray, niara-nidinika ny paikady ho fampandresena ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fanentanana ny rehetra handray anjara amin'ny fifidianana ny avy amin'ny KMMR Miarinarivo, sy Andriamatoa Kevin Ratrimoarison. Nahatonga solontena tamin'i zao fihaonana izao avokoa ny avy amin'ny kaominina 14 any amin'ity distrika ity. Na tany Soavinandriana, na tany Miarinarivo, samy niantso ny filoha Marc Ravalomanana hitsidika ny any amin'izy ireo izy ireo.

***Isambilo***



*Kevin Ratrimoarison, nanentana tamin'ny fijoroan'ny KMMR any Soavinandriana sy Miarinarivo faritr'Itasy.*

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fanendrena an'i Ntsay ho Filoha

# Indroa mahita ny maizina ny vahoaka

Tsy tafavoaka ary tsy afa-miàla amin'ny haizin-kitroka iainany tato anatin'ny 5 taona ny firenena malagasy. Maneho izany indrindra ny fanendrena ny Praiministra Ntsay Christian miaraka amin'ireo mpikamban'ny governemanta hitondra ny firenena mandritra izao tsy fisian'ny filoham-pirenena izao, noho i Andry Rajoelina nirotsaka ho kandidà ny Alarobia 6 Septambra lasa teo. Vao nandre izany fepetra noraisina izany ny olom-pirenena maro, dia nihivingivina. Fantatra loatra mantsy ny momba ny Praiminisitra sy ny asa nataony hatramin'ny taona 2018. Nampijotso, fa tsy nampandroso sy tsy nampisandratra ny firenena ny asa nataony hatramin'ny naha tao amin'ny Primatiora azy izay. Teo koa ny fanarahana ambokony ny baikon'i Andry Rajoelina na dia tsy namaly ny laharam-pahamehana nandrasan'ny vahoaka mafy aza, hany ka nihitsoka amin'izao toerany izao ny firenena.

Tsy misy tombontsoa ho an'ny sarambabem-bahoaka malagasy na i Andry Rajoelina na i Ntsay Christian sy ny mpikamban'ny governemanta entiny. Mitovy ihany ireo ka tsy misy antenaina amin'izy ireo. Izany hoe hitohy hatrany ny fahoriana sy fahantram-bahoaka hatramin'ny faran'ny taona raha tsy hijery lavitra aloha isika fa hatreo. Iaraha-mahalala tsara fa tsy nahavaha ny fahantram-bahoaka sy ny olam-bahoaka izy ireo tao anatin'ny 5 taona, ary vao mainka aza niha- maizin-kitroka ny fiainam-bahoaka maro an'isa ankoatra ny an'ireo olom-bitsy miaradia sy manohana an'i Andry Rajoelina. Ireto farany izay nanao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena sy migalabona amin'ny harembe, hany ka minia mikimpy mihitsy manoloana izay fahoriam-bahoaka izay. Ataon'izy ireo avokoa ny fiarovana izay azony atao rehetra an'i Andry Rajoelina, ka na efa manosihosy ny fahamarinana aza sy manilika ny maha tany tan-dalàna ny firenena dia izorana ihany. Tsy olana ho azy ireo na ho tandindomin-doza aza ny hoavin'ity firenena ity, fa ny hany ao an-dohan'izy mianakavy dia ny hiaro tombontsoa be nigohana hatramin'izay. Ny zava-misy izany izao, dia indroa mahita ny maizina ny vahoaka malagasy. Tsy hahita andro mihiratra, ary izany dia mbola ilofosan'izy ireo mafy hatrany hiainan'ny vahoaka malagasy. Izany dia iarahany manao kajy amin'ireo rafitra toy ny Ceni sy ny Hcc. Tsy maintsy misy fetrany anefa ny atao n'inona n'inona kasain'izy ireo hotanterahina eto, satria masina ity firenena ity.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rajoelina mbola kandidà

# Lo, lo,... tsy misy ilàna azy intsony izao fitondrana izao

Navoakan'ny Fitsarana Ao momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny anaran'ireo kandidà voasivana, fa afaka hifaninana amin'ny fifidianana, fihodinana voalohany, ho Filohampirenena, ny 09 novambra 2023 ho avy izao. Araka ny efa fantatra dia miisa telo ambinifolo izy ireo, ka tena mahatafintohina ny maro ny mbola nahatafiditra an-dRajoelina Andry Nirina. Nisy ny fitoriana napetraky ny antoko vitivitsy momba ny tsy fahafahan'ny filohan'ny Repoblika nametra-pialàna noho izy mizaka ny zom-pirenena frantsay kanefa dia « tsy azo raisina » hono izany hoy ity Andrimpanjakana mpiaro ny Lalàmpanorenana ity. Nanampy trotraka izany koa ny nametrahan'ny filohan'ny Antenimierandoholona, Razafimahefa Herimanana, teny amin'ity Andrimpanjakana ity ny taratasy manambara ny tsy fahafahany misahana ny andraikitry ny filohampanjakana. Nampangoro vitsika ihany koa ny nahenoana fa notendrena tao amin'ny filankevitry ny minisitra, natao maimaika ny zoma 08 septambra 2023, ho loholona ny jeneraly baomba, Ravalomanana Richard, satria azo heverina fa hampiantso tsy ara-potoana ny Antenimierandoholona ny mpanatanteraka, ka hametraka ny jeneraly misotro ronono ity ho filohan'ity Andrimpanjakana ity hisolo toerana ilay tsy afaka misahana izany andraikitra izany intsony. Tsy nahomby anefa izany, satria fetsy koa ny Praiminisitra ka nangataka ny hevitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana momba ny fahafahany mitantana ny fitondram-panjakana izay neken'ity Andrimpanjakana ity. Rehefa dinihana, alaina ambony, alaina ambany izao fihetsikatsehana ataon'ny fitondrana izao dia milalao sarimihetsika indray izy ireo, ka araka ny mahazatra dia efa fantatra ny fiafaràny. Toa diso daholo anefa ny tombatombana satria natakalon-dRajoelina Andry Nirina izay tsy nitolona sady tsy TGV ireo niara-nanongam-panjakana taminy. Diso hevitra ihany koa ireo kandidà roambinifolo hifaninana amin-dRajoelina Andry Nirina raha tsy hihetsika hanohitra izao faneken'ny HCC ny maha kandidà azy izao. Misy ny mihevitra fa ny fanatrehan'ireto kandidà ireto ny fisarihana nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny laharana ao anaty biletà tokana, omaly alatsinainy, dia toa efa mampiseho fa manaiky ny maha kandidà ny vazaha frantsay izy ireo. Midika ihany koa izany fa efa mahazo antoka Rajoelina Andry Nirina fa ho lany satria hitam-poko, hitam-pirenena fa miandany aminy ireo andrim-panjakana misahana ny fifidianana. Manampy trotraka izany ny fitsipi-dalao sy ny famerana ny vola sy fitaovana hoentina manao fampielezan-kevitra mba hitovy tantana ny kandidà mandritra izany. Hita ihany koa fa efa mangalatra fiaingana Rajoelina Andry Nirina tamin'ny nanaovany fitokanana fotodrafitrasa tamin'ny fampiasàna fitaovam-panjakana sy fanerena ny mpiasam-bahoaka nanatrika na nanao fanambarana nangataka azy hirotsaka. Ny loholona iray tao amin'ny fandaharana tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina dia nilaza fa ny Lalàmpanorenana no tsy maintsy hajaina, ka araka ny voarakitra ao dia mahazo milatsaka rehefa malagasy. Miaro ny tsy azo arovana sady mamita-bahoaka ity olona heverina ho olon-kendry ity, satria Rajoelina Andry Nirina dia efa nanary ny maha gasy azy an-tsitrapo fa tsy noterena. Haverina foana : « Tsy Gasy fa Vazaha » Rajoelina Andry Nirina ary mpiray tsikombakomba amin'izao famadihana Tanindrazana sy fanitsakitsahana ny Fiandrianam-pirenena izao ny minisitry ny Fitsarana, raha nanao sonia ny taratasy milaza fa malagasy ity vazaha ity. Na izany na tsy izany dia tsy ampy ny fanambarana tsy fanekena ny maha kandidà nataon'ireo kandidà mpifaninana satria « tsy azo raisina », hono, izany hoy ny HCC koa tsy ho very maina ny hetsika izay nataon'ny Malagasy any Frantsa (diaspora) dia mitaky firaisankinan'ireo kandidà ivelan'ny fitondrana, ka hangataka mivantana ny hevitry ny « mpampindrana fahefana » (vahoaka Malagasy). Tsy izao fitondrana izao mihitsy no hitaky fanajàna lalàna, satria tato anatin'ny dimy taona dia nitsakitsahin-dRajoelina Andry Nirina sy ny tandapa, no nanao toy ny tsy misy ny lalàna rehetra. Lo, lo, lo,... tsy misy ilàna azy intsony izao fitondrana izao ka tsy maintsy hozongozonina hilatsaka ary halevina mba tsy hanamaimbo ny tanàna intsony. An'ny Malagasy ity Nosy ity ka "tsy ho fatra-pandefitra toy ny mpivaro-tantely, ka ny tompony indray no milela-tànana".

***Andry Tsiavalona***

## Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana (HMF)

# Hamerina ny fijoroana amin'ny fahamarinana



*Ny sasany amin'ireo ao amin'ny HMF.*

Manoloana ny toe-draharaha eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, milaza ny HMF : Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana fa : ''ny HMF dia nitsangana noho ny toe draharaha teto amin'ny firenena, ny volana oktobra 2009 .Nijoro isika noho ny antony roa mazava tsara : nokitihan'ireo mpanongam-panjakana ny fiangonana , nanaovana herisetra tsy roa aman-tany ny filohan'ny Fjkm ary norobaina ny fananan'ny fiangonana, notsiratsiraina teo amin'ny 13 mey ny vavaka sy ny Soratra Masina ... Faharoa : nampijaliana ny vahoaka ka nanaovana herisetra, marobe ny maty, izay notondroina molotra fa mpomba ny fitondrana nahongana dia nosamborina sy nosetrasetraina ... Dia nitsangana isika ary hevitra nampijoro antsika rehetra ny famerenana sy ny fijoroana amin'ny fahamarinana ... Nenjehina isika fa noho ny fanambinana hita maso avy tamin'i Jesoa Kristy Tompontsika dia marobe ny vahoaka Malagasy nanaraka ny HMF, hatramin'ny vahiny avy any ivelany sy ireo masoivohon'ireo firenen-dehibe , nangataka hihaona sy hiresaka tamintsika, sns... Miharihary ary niainan'ny vahoaka efa 10 taona mahery izao ny fahantrana sy ny fampahantrana ary tsy mamorona isika, fa miara miaiky izany ny maro an'isa afa tsy ireo tsy maty manota manao izay danin'ny kibony ihany ary voaporofo izao, fa manao ny tetika rehetra hanohizana izany. Ny mahirana dia mangina sy toa miray petsapetsa aza ireo izay tokony hiteny ka ny vato ve no andrasana hiantsoantso? Mitsangana ka vonjeo ny taninao ! Atambaro indray ny hery. Tsy hangina noho ny amin'i Ziona ary tsy mitsaha miteny aho noho ny amin'i Jerosalema mandra-piposaky ny fahamarinany ... Isaia 62,1.'' Arak'izany, hijoro hiady amin'ny tsy fahamarinana, mety ho ataon-dry Rajoelina sy ny forongony indray, ny HMF amin'izao hiatrehantsika fifidianana, kihon-dalana hanilihana ny tsy fahamarinana sy ny asan'ny maizina izao…

***Nangonin'Isambilo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mila halefa amin'ny TV satelita ny MBS sy Real

## Mitovy zo ny kandidà rehetra amin'ny RNM sy TVM



**Arphine Rahelisoa Helisoa :** ny kandidà rehetra dia manana zo handeha amin'ny RNM sy TVM manomboka izao. Tokony handeha amin'ny TV satelita koa ny MBS sy ny REAL Tv, dia amin'ny canal + sy ny Startimes izany.

**Domoina Rasamoelson :** ny hoe tokony sy ny hoe action @ izany Arphine Rahelisoa Helisoa tsy mitovy a, ny mety dia mila engager na ny plaidoyer rehetra hahatongavana eo, ary indrindra tokony hiadiavana ny diffusion @ tvm-rnm @ couverture nationale @ diffusion @ ireo candidat rehetra ireo, fa tsy tapaka ny antenne régionale rehefa handeha izy ireo. Mitaky asa io fa tsy kabary.

**Manampisoa Rija :** voilà.

**Vero Ranaivo :** ilay pression sy taho- bazaha mbola mafy be koo !

**Riri Andria :** ataovy ny demarche hamerena amin'ny bouquet canal e. Ampahafantaro ny masoivoho hanao pression fa reo ndray tsy anome malalaka zany.

**Ken Chan Chaou :** izany mihintsy no tokony ho izy tompoko

**Radanz Be :** toa nanaiky ny filatsahan'ny filoha daholo indray e! Resy izany.

**Good Happy Raf : Radanz Be :** mitovy hevitra aminao , tokony tsy hanaiky hatramin ' ny farany , Tokony samy miantso ny mpanohana azy avy ny candidats dia ho hita eo ny tohiny, fa raha vao manaiky eo dia hena antanan- tsaka araka ny efa nambarany.

**Ramiarantsoa Luc :** miandry fa gasy e !

**Lala Razanajoelina :** izay no tokony ho izy fa tsy ataony ko!

**Honoré Donatien :** ny fananana zo sy ny fahafahana mampihàtra ny zo ananana tsy mitovy. Tsy avelan'ny sasany ianao dia ahoana? Toy izany koa ireo haino amanjery tokony ho hita ao anaty canal sy startimes.

**Andrianina Rakotomalala :** tonga dia action no atao fa tsy vitan'ny miteny fotsiny.

**Gazety Valosoa Rakoto :** efa mitaky ny fandefasana azy amin'ny Canal + sy ny Startimes ny mpisolovava ny Radio sy ny TV- MBS.

## TONONKALO

### Tsy tafa intsony ianao boaikely

Tsy tafa intsony ianao boaikely n'inona n'inona holazaina,
Na hanomana moto sy miliara hozaraina.
Fa horaisinay ny saosy dia avy eo 'zahay hisidina,
Ary aleo ianao hangaina ry mpanao lohan'angidina !

Tsy tafa intsony ianao boaikely n'inona n'inona holazaina,
Na dia marobe ny tetika izay kasainao hampiasaina.
Na voavidinao daholo ireo mpitsara ery ambony,
Tsy izany no hamafa irony lotonao intsony !

Tsy tafa intsony ianao boaikely n'inona n'inona holazaina,
Na fenoinao miaramila ny arabe sy zaridaina.
Tsy izany velively , tsy izany no hanakana
Ireto tongotray vahoaka efa tena mby an-dakana !

Tsy tafa intsony ianao boaikely n'inona n'inona holazaina,
F'efa leo 'zahay vahoaka sady efa tonga saina ,
Ka tsy mila anao vazaha mpandainga sy mpihetraketraka,
Fa ny teninay dia tsotra : ampy izay , andeha mipetraka !

***TSIMIMALO (09-09-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Michel Rakotobe

**Fampahafantarana ny mpitarika ny KMMR : Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana, tany amin'ny distrikan'i Soavinandriana sy Miarinarivo faritr'Itasy ny alahady teo, notarihan'Andriamatoa Kevin Ratrimoarison.**





**Ny kandidà filoha Marc Ravalomanana tany Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo ny sabotsy teo.**







FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA

## Tsy hanohana n'iza na iza i Annick Ratsiraka sy ny Arema

Tsy hanohana an'iza na iza i Annick Ratsiraka sy ny antoko Arema, izay no nambaran'ity saika ho kandià filohampirenena ity tany Toamasina sy Antsiranana ary Mahajanga. Taorian'ny fampilazana fa hirotsaka ho fidiana ny kandidà Annick Ratsiraka dia nandeha tany Toamasina sy Diego ary nipaka hatrany Mahajanga. Nambarany fa : ''ny firotsahana dia napetrakay tamin'ny fahendrena, kanefa tsy misy ny olona ambonin'ny lalàna . Hitanay fa mitanila tanteraka io fifidianana io . Manoloana ny fahasahiranana mahazo ny Malagasy dia inona no andoavana vola an-tapitrisany, ankoatra ny hanaovana campagne nefa efa hita ny valiny dia nisintona ny filatsahanko fidiana ny tenanay . Tsy hijanona hiady ho amin'ny fiandrianampirenen'ny Malagasy izahay ary hitolona ho an'ny vahoaka Malagasy . Ho tohizanay ny fitsidiham-paritra. Io moa ny manetsabe mbola ho avy. Izahay Arema dia tsy hanohana n'iza n'iza amin'io fifidianana io, samy ho tsarain'ny tantara eto.'' Hoy ihany Ramatoa Annick Ratsiraka. Fifidianana mitanila io satria misy zavatra tsy mazava ao. Notaizana handala ny zon'ny fiandrianampirenena ny Arema . Na izany aza dia mitohy ny fikarakaran'ny Arema ny vahoaka Malagasy . Rehefa vita ny fifidianana dia andeha hanampy ary hitety any Madagasikara izahay .

***Helisoa***







## NY TENY FIAINANA

*"Ny alahelo ao am-pon'ny olona dia mampitanondrika azy; fa ny teny soa no mahafaly azy."*
***Ohabolana 12:25***

**Komity Mpanatanteraky ny FMF vaovao**

# Nivoaka ny anaran'ireo nirotsaka ho fidiana

Navoakan'ny "Commission électorale FMF" tarihan-d Ramatoa Ralavarisoa Beby Fabienne tamin'ny faran'ny herinandro teo, ny anaran'ireo olona nanatitra antontan-taratasy filantsahan-ko fidiana ho mpikambana vaovao amin'ny Komity Mpanatanteraky ny FMF "Federation Malagasy de Football". Ireto avy izy ireo : Jaonarisoa, Rabemanantsoa Benjamin Edouard, Razafimamonjy Jocelyn Alberto, Tanteliniaina Angelin Patrick, Ratsimanotry Razafiarison, Rabevahiny Arleme, Bernando Germain Bethon Ndrianasy, Randriantsoaniaina Rasamoelina Nirilanto, Andritianarivelo René José, Monja Nanjane Christian, Rakotondravoavy Andrianjafinjanakolona Andriniaina, Randrianantenaina Lucien Luc, Ratsimarofiarison Samüel, Nordine, Pontiac Jean Théophan, Rakotoarimino Andrianina Désiré, Ratsitohara Niravony Patrick, Mohamady Abdillah Aboudou, Razafimahefa Tefinanahatry, Randrianirina Jean Ignace (Ramasy), Pisal Hamida Patrick, Rasamimanana Lovaniriana, Randrianirina Mickaël, Andriamiharisoa Hubert Marie Bruno, Anivana Vivien, Rakotoarisoa Nirina Fenohery Jhonny, Fiarovana Lovanirina Célestin, Andrianambenana Velomihoatra Tsimanositra Painchard, Raveloarison Erick-Hervé, Mahasahy Christian Olivier, Tsitohara Serge Thierry, Andriatsimialona Sandrine Michella, Dimasy Paul, Ralantomahefa Mialy Tiana, Lay Men Alexandre, Arthur Florent, Tsimiondreke Mahasoa Votsobelo, Razafindramaso Nasolotiana Harijaona, Ramiaramanana Joseph, Andriamanga Herivelo, Lezara Richard Ndamaro, Rajeriarion Vololona Patricia, Andriantsoa Patrice Martin, Lebiria Rufin Tolojara, Rafanomezantsoa Andrianjakamanana Felamasoandro, Ratovohery Solonirina Tolotriniaina, Raharimino Mario Rosario, Andrianirina Briand Joseph, Ramanantsoa Harilala, Tsirilaza Jimio, Benera Adolphe Germain (Dodol), Rasolonananahary Rivomanantsoa.

*Ny sary famantarana ny FMF.*

***Rainilita***

**Basikety tompondaka nasionaly U20 G sy N1B F0**

# Andro faha-4 anio talata any Mahajanga

Miditra amin'ny andro faha-4 anio talata 12 septambra 2023, ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 sokajy U20 lehilahy sy N1B vehivavy, izay nanomboka tamin'ny sabotsy 09 septambra teo, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 17 septambra .2023 ho avy izao. Mpikarakara ny « Ligue Régionale de basket- ball Boeny » eo ambany fiahian'ny FMBB «Fédération Malagasy de Basket Ball », nitarika niaraka ny lanonam-panokafana an'ity fifaninanana ity tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, tao amin'ny « Complexe Sportif Mahajanga ». Atleta mpilalao basikety miisa 492 avy amin'ny klioba miisa 41, « Coachs » miisa 87, Mpitsara nasionaly miisa 18, Mpitsara rejionaly miisa 6, Mpitsara mpiza-draharaha miisa 6 no miantsehatra ao amin'ny kianja «Complexe Sportif Mahajanga », sy ny kianja « Terrain extérieur 1 » sy kianja « Terrain extérieur 2 » mandritra ny andro 9 amin'ny fifaninanana. Omaly alatsinainy 11 septambra 2023 dia lalao nahatratra 18 no nifandimby noraisin'ireo kianja 3 ireo. Voka-dalao andro voalohany asabotsy 09 sy andro faharoa alahady 10 septambra 2023 : N1B Dames - DUNAMIS 56 # 43 BCM-ZO, FIVAM 37 # 39 VARSITY, ASLFA 30 # 44 USJFM, YBBC 78 # 17 AS JETNO, MB2ALL 55 # 66 BT BBA, VASIA 41 # 45 SEPA ABM, JEA 64 # 41 BC EST, COSCA 29 # 80 FANDREFIALA, ABM 45 # 48 MB2ALL, BT BBA 30 # 44 FFPRO BCTM, ASLFA 48 # 59 YBBC, VARSITY 53 # 52 BCM-ZO, JCBA 40 # 19 AS JETNO, FIVAM 53 # 28 CBBF, U20 Garçons - SBBF 71 # 40 BCO, SBBF 49 # 66 DTSC, JSB 73 # 63 COSFA, FANDRASA 66 # 50 ABM, ANKARATRA 53 # 56 BC EST, MB2ALL 72 # 67 BCF, BCAS 43 # 62 FFPRO BCTM, AKBB 55 # 47 EBA, VEB 42 # 73 JAP MADA, AS FANALOLAHY 41 # 52 ASCUT, EBA 55 # 84 SBB, BCO 38 # 34 VEB, BCF 73 # 71 ABM, BC EST 33 # 43 JSB, AS FANALOLAHY 37 # 81 ASS, FANDRASA 58 # 38 BCAS, MB2ALL 55 # 48 FFPRO BCTM, COSFA 57 # 47 DCA, JAP MADA 36 # 57 AKBB, ASCUT 58 # 71 DTSC.



*Basikety 2023 any Mahajanga.*

***Rainilita***

**Rasoanaivo Laura**

# Mbola voahosotra ho tompondakan'i Afrika amin'ny judo indray


Namiratra indray tany Maroc ilay mpanao judo vehivavy Malagasy Rasoanaivo Laura, teo amin'ny fifaninanana afrikana fiadiana ny ho tompondakana'i Afrika 2023 amin'ny taranja judo sokajy "Senior", izay atao any Casablanca Maroc. Nahazo medaly volamena indray, ka voahosotra ho tompondakan'i Afrika 2023 teo amin'ny sokajy latsaky ny 70 kg izy.

***Rainilita***



*Rasoanaivo Laura tany Maroc.*

## Sakafo Ny Valosoa



Totoken'omby sy korzety indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka mainy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana natoralin'ny aretina goty

Fanafana natoralin'ny aretrina goty indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina : angivy au vinaigrette citron na voasarimakirana + tongolo, persil, voatabia na tômaty.

Azon'ireo misy goty hanina matetika io karazana lasary io.

Atao mandritra ny 5 herinandro, dia misotro rano mafana 3 vera isan'andro, atao mamay tsara.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tsaravinany distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Tsaravinany distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tsaravinany ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Lalovan'ny lalampirenena faha-11 mampitohy an'Antsampanana, Vatomandry ary Mahanoro ity tanàna ity. Vokatra ny ny vary, ny katsaka, ny mangahazo, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila, ny dipoavatra. Vokatra any Tsaravinany koa ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo, ny ampalibe. Misy mpiompy akoho amamborona koa ny mponina any Tsaravinany.



DEPIOTE FENO RALAMBOMANANA

## Nanolotra fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra




*Ny depiote ao amin'ny Boriboritany faha-3 avy amin'ny antoko TIM, Feno Ralambomanana.*

Nanolotra fitaovam-pianarana ho an' ireo ankizy mpianatra tao amin'ny Boriborintany faha-3 ny depiote Feno Ralambomanana, depiote voafidy tao amin'ity boriboritany ity, avy amin'ny antoko TIM : Tiako i Madagasikara, ny sabotsy teo tetsy amin'ny foiben-toeran'ny antoko Bel'Air Ampandrana. Toy ny fanaony isan-taona amin'ny fidiran'ny mpianatra toy izao, manome fitaovam-pianarana ho an'ny ankizy mpianatra ity olom-boafidy ity : kahie, penina, fanipihana, penisilihazo, gaoma, kitapo, sns… no natolotra tamin'izany. Naneho ny fankasitrahana ny depiote Feno Ralambomanana ireo mpahazo tombontsoa, satria manampy ireo ray aman-dreny tokoa, manamaivana ny fahasarotana amin'ny fampidirana mpianatra izao fanomezana izao.

**Niaina**

Fiomanana amin'ny fifidianana

## Tafajoro ny mpitantana ny KMMR any Moaramanga



*Ireo mpitantana ny KMMR Moramanga, sy ireo solontenan'ny foibe tonga niatrika izany.*

Tafajoro ny mpitantana ny KMMR : Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy, any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro. Tonga tany an-toerana, niatrika izany, ny solontenan'ny birao politikan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Julien Andriamorasata, ny depiote voafidy tany Amparafaravola Rabekijana. Satria misokatra ho an'ny rehetra : tsimialonjafy ny KMMR, tonga maro ny olon- tsotra sy ny solontenana fikambanana samihafa nanangana ny KMMR tao amin'ny distrika Moramanga izao ny alahady 10 septambra 2023 teo. Niditra tamin'ny alalan'ny antso an-telefônina ny filoha Marc Ravalomanana, nanome toromarika ho an'ireo mpikambana KMMR amin'izao hiatrehana ny fifidianana ho filohampirenena vaovao izao.

**Stefa**

Diaspora Malagasy La Réunion

## Miantso ny kandida mpanohitra hiray hina hisian'ny fifidianana madio sy marina




*Ny avy amin'ny diaspora miaro ny fahamarinana atsy amin'ny Nosy La Réunion.*

Manoloana ny zavatra misy eto amin'ny firenena ankehitriny dia nanao hetsika sy fanambaràna ireo Malagasy monina any La Reunion, mikasika ny filatsahan'i Andry Rajoelina ho filohampirenena indray. Ny Diaspora Malagasy monina ao La Réunion miaro ny fahamarinana dia manao izao fanambarana izao : ''manameloka ny filatsahanko fidian'i Andry Rajoelina satria mizaka ny zompirenena Frantsay . Famadihana tanindrazana miezinezina izany. Tsy tambo isaina ny fahoriana sy fahasahiranana nianjady tamin'ny vahoaka Malagasy nandritra ny 5 taona, ampy izay . Kihon-dalana lehibe no lalovan'ny firenena ankehitriny, koa manainga ny HCC mba ha naja ny lalàna velona misy mba ho firenena mendrika no havela ho an'ny taranaka. Manainga ny herivelona rehetra handray andraikitra hiaro ny tombontsoa iombonana. Miantso ny kandida mpanohitra rehetra hiray hina mba hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara marina . Ary farany manainga ny tafika mba tsy hiandany amin'ny fitondràna, fa ho tena tafibahoaka marina. Miandrandra fiainana ho tsara ny Malagasy . Masina ny tanindrazana.''

**Helisoa**

Rado Ramparaoelina

## Baikon'ny vola ny feon'ny fieritreretan'ny ao amin'ny HCC

Betsaka ireo mpahay lalàna ambony mbola voabaikon'ny vola ary hita taratra tao anatin'ny fankatoavan'ny mpikambana ao anivon'ny Fitsarana avo momban'ny Lalam-panorenana (HCC) ny firotsahankofidiana ho filoham-pirenena an'i Andry Rajoelina, izay manana zom-pirenena Frantrsay feno hoy Andriamatoa Ramparaoelina Rado Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano. Nanohy fanazavana ity olom-boafidy ity, fa tokony ho sokafan'ny fitsarana avo momban'ny Lalam-panorenana ho an'ny zom-pirenena vahiny hafa rehetra ny fahazoan-dalana mirotsaka ho filoham-pirenena eto Madagasikara manombola izao raha ny zava-doza nataon'izy ireo momba an-dRajoelina : Komorianina ; Arabo ; Tatsinana ;Tandrefana … ary tsinontsinona ny nahafatesan'ireo razana izay nitolona ho fanafahana an'i Madagasikara fahiny nohon'ny fitiavana tanindrazany tamin'ny faneken'ny Hcc ny filatsahan-kofidian'i Andry rajoelina. Manoloana ny fanambarana filatsahan-kofidiana nataon'i Andry Rajoelina ny herinandro teo, nanambara ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika, fa tsy mahasolo-tena ny vahoaka eny ifotony ny fanotronan'ireo Ben'ny tanàna miisa 1300 satria afaka mivadibadika loko politika ireto farany, izay mandiso tanteraka ny safidim-bahoaka ary mba hiarovany ny tenany manoloana ny zava-misy dia tonga manotrona ny Ben'ny tanàna. Nanohy fanazavana Andriamatoa Ramparaoelina Rado, fa tsy mahasolo-tena ny vahoaka ny Ben'ny tanàna satria maro ireo biraom-pifidianana tsy nahalany an'ireto farany ary raha ny Kaominina Ampitatafika no resahana nandritra ny fifidianana Kaominaly farany teo dia biraom-pifidianana miisa 18 amin'ny 50 no tsy nahalany an'ny kandida Ramparaoelina Rado. Fotoana tokony hijeren'ny mpitondra ny tena hetahetan'ny vahoaka izao vanim-potoana izao ary tokony hifanaraka amin'ny kajy « Mathématique » ny fandikana ny lalam-panorenana, fa tsy ampanarahina ny tombontsoan'ny olom-bitsy fotsiny, fa manimba ny ho avin'ny mpiray tanindrazana izany hoy ity olom-boafidy ity.

**Franck Razakambelo**



*Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika Rado Ramparaoelina.*

Tompon-kakan'i Madagasikara Rallye

## Norombahin'i Mathieu sy Andry Tahiry ny anaram-boninahitra

Norombahin'i Mathieu sy Andry Tahiry nitondra ny fiara Subaru, ny anaram-boninahitra tompondakan'i Madagasikara 2023 eo amin'ny fifaninanana rallye Malagasy. Faha-4 izy ireo teo amin'ny laharana ankapobeny tamin' ny rallye "Sunday Cup" nokarakarain'ny Asa Tanà tarihan'ny filohany, Rakotosaona Fanoa, tamin'ny alahady 10 septambra 2023 teny amin'ny manodidina an' i Talata Volonondry rehefa tara (+4.22,98) taty aorian-dry Faniry sy Mahenintsoa nitondra fiara Peugeot 208 T 16 nahavita fe-potoana 1.01.43. Faninefany ity ekipazy ity izao no voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara teo amin' ny rallye (2007, 2013, 2022 ary 2023). Marihana fa lalana nirefy192,82 km, nahitana dingana manokana ES niisa 6 nirefy 81,42 km, no nodiavin'ireo mpifaninana nahatratra 36 tamin'izany.

**Rainilita**



*Mathieu sy Andry Tahiry tompondan'i Madagasikara 2023.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**09/09/2023 hatramin'ny 16/09/2023**

- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 79 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1472-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SALON DES ETUDES SUPÉRIEURS MADA JEUNE

## Navitrika ireo tanora vao afaka bacc tonga teny Andohatapenaka

Navitrika dia navitrika tokoa ireo tanora vao afaka bacc, izay nomban-dray amandreny ny sasantsany, tonga teny amin'ny Akoor Digue Andohatapenaka, toerana nanatanterahan'ny Mada Jeune, tarihan'Andriamahatsangy Lahatra mivady, ny hetsika « Salon des Etudes Supérieurs » andiany faha-20, nandridtra ny roa andro naninjitra : alakamisy 7 sy zoma 8 septambra 2023, ka azo antoka fa tratra ny vinavinana mpitsidika hatrany amin' ny nanodidina ny 5000 isa nandrasana tamin'ity hetsika ity. Vao tamin'ny andro voalohany fotsiny , fotoana nandalovana teny an-toerana, dia efa nahatsapana an'izany tranga izany sady maimaipoana ny fidirana tamin'ity hetsika ity. Marihana fa ny hisafidy ny sehatra hanohizany ny fiaranarana eny amin'ny ambaratonga ambony no tena tanjona tamin'ity salon ity, ka nahatratra 70 mahery ireo tranoeva azo notsidihina tao amin'ity toerana malalaka dia malalaka ity, ka nahafahana nahalala betsaka momba ireo andrimpanjakana sy Oniversite (Grandes Ecoles, Instituts, Centre de Formation) samihafa misy eto Madagasikara. Nisy ihany koa ny fampahafantarana an'ireo fianarana ampitain-davitra «Formation en Ligne », ny « Espace orientation » ary ny famelabelarana an'ireo sehatra samihafa misy. Misy fikambanana miaramiasa amin'ny mpikarakara, amin'ny fitarihana akademika ny tanora, mba hanampiana azy ireo amin'ny safidy tsy fahatapahan-kevitra ataony. Mampiavaka ny « Salon des Etudes Supérieurs Mada Jeune » ny famoahana ny bokikely « Guide des Etudes et Formations », ahitana an'ireo "Répertoire des Instituts, Ecoles, Centres de Formation à Madagascar", ahazoana manampy amin'ny fisafidianana izay fampianarana ho arahina.



*Mpitantana ny Mada Jeune mivady.*

***Rainilita***

Masoivoho Amerikana

## Hajao ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fahalalahana mivory

Manoloana ny fihazakazaky ny raharaham-pirenena eto Madagasikara, indrindra amin'ny hiatrehantsika ny fifidianana filohampirenena amin'ny 9 novambra ho avy izao, misy ny fanambarana avy amin'ny Ambasadin'i Etazonia eto Madagasikara :" ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara sy Kaomoro dia miarahaba ireo kandidà miisa 13 tafiditra ao anatin'ny lisitra ofisialin'ireo mpifaninana mandritra ny fifidianana filoham-pirenena ho avy. I Etazonia dia manamafy ny fahavononany hanohana ny zotram-pifidianana ho fanamafisana orina ny demokrasia eto Madagasikara ary mamporisika hatrany ireo rafitra mpikarakara fifidianana, mba hanamafy ny fanentanana, ka hananan'ny olompirenena fahatokisana amin'ny zotram-pifidianana ary hanome vahana ny fandraisan'anjaran'ny daholobe ao anaty fahalalana. Mamporisika ny Governemanta eto Madagasikara izahay hanohana sy hanaja ny zo amin'ny fahalalahana maneho hevitra, sy ny fahalalahana mivory mandritra ny fotoam-pifidianana."

***Stefa***




*Ny Ambasadaoron'i Etazonia eto amintsika.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 443**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0442)

***Mitsivalana***
- Paraky
- Olona – Ti
- Lava – Man
- Eny – Anao (miv)
- Tatatra
- Rariny
- Rà – Rana (miv)

***Mitsangana***
- Poleta
- Alana
- Rovitra
- Ana – AA
- Ka – Otra
- Marin(a)
- Tanàna
- Dina – Ry (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 443



**Mitsivalana**

**1.** Fanasana mihaja **2.** Hery sy tanjaka – Tamy **3.** Ao an-damosinay **4.** Tofoka (miv) – Kianteny (miv) – Hazo maro **5.** Sembana tsy miteny – Mampisafidy (miv) **6.** Mampiasa fera **7.** Ao amin'ny Baiboly – Latsa fanaratsiana **8.** Fahaiza-manao (miv) – Tsirinteny **9.** Lavo tsy naharesy **10.** Matoanteny – Voankazo

**Mitsangana**

**A.** Mivonona amin'ny zavatra aleha, atao **B.** Zana-tsoratra mitovy – Toerana – Marina (miv) **D.** Faritra **E.** Tampisaka – Mpanoritra **F.** Marika **G.** Maitso, fotsy, mena (BR) – Teny mandràra **H.** Solo – Tsy sarotra **I.** Eritreritra BL) – Kianteny (miv) – Naoty (miv) **J.** Volana Malagasy **K.** Alefa any amin'ny fako – Tsirinteny Mpanao

### Valiny Teny mifanaraka 0442

**Mitsivalana**

**1.** Taninketsa **2.** Si - Voaly **3.** Azo - RN **4.** Ri(votra) - Tombola **5.** Liona (miv) - EM **6.** Mandoa - PTT **7.** Jironay **8.** Adama - Ma (miv) **9.** Oh - In - Rana **10.** Avoakanay

**Mitsangana**

**A** Tsaramaso **B.** Aizina - Ha **D.** Onja **E.** IV - Tadidio **F.** Hotolorana **G.** Ka - Moa (miv) **H.** Elabe - Nara **I.** Ti - Ompa - AN **J.** Ri - Tiana **K.** Tranga (miv) - May

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ireo kandidà sy ny solontenany, nandritra ny antsapaka amin'ny laharan'ny kandidà amin'ny biletà tokana, natao teny amin'ny CENI Ivandry omaly. Niatrika izany ny kandidà filoha Marc Ravalomanana.**













